MINISTERE DE L'ECONOMIE
ET DES FINANCES

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

**Fampitam-baovao mahakasika ny famaranan'ny Filan-kevim-pitantanan'ny Tahirim-bola iraisam-pirenenena (FMI) ny fanadihadiana faha-dimin'ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC**

Nankatoavin'ny Filan-kevim-pitantanan'ny Tahirim-bola iraisam-pirenenena ny 26 Jolay 2019 ny famaranana ny fanadihadiana faha-dimin'ny fandaharan'asa « Facilité Elargie de Crédit » na FEC ho an'i Madagasikara. Misitraka avy hatrany famatsiambola mitentina 31,4 tapitrisa DTS (na 43,4 tapitrisa USD, 12,9% -n'ny quote-part ny firenena) i Madagasikara araka izany.

Mbola manohy ireo tetik'asa fanatsarana (réformes) i Madagasikara ary hita ho mahafa-po ny vokatra azo amin'izany. Ny Governemanta dia manao ezaka hatrany amin'ny fanamafisana ny fahamarinan-toeran'ny toekarena faobe, ny fampiroboroboana ny harinkarena faobe matanjaka, mampisitraka ny vahoaka tsy ankanavaka ary maharitra. Ao koa ny ezaka amin'ny fampiakarana ny farim-piainan'ny mponina, ny ady amin'ny fahantrana sy ny kolikoly ary ny fanatsarana hatrany ny fomba fitantanana. Ireo ezaka ireo dia mifandraika amin'ny laharam-pahamehan'ny "Plan Emergence pour Madagascar".

Taorian'ny fanekena tamin'ny 27 jolay 2016, izay tanterahana anaty 40 volana, sy ny famatsiam-bola fanampiny (accès supplémentaire) izay nankatoavina ny 28 jiona 2017, dia mitentina 219,1 tapitrisa DTS (na 302,8 tapitrisa Dolara amerikanina) ny fitambaran'ny vola nositrahan'i Madagasikara tao anatin'ny FEC. Ireo famatsiam-bola ireo, izay narotsaka miandalana arakaraky ny famitana ireo fanadihadihana teo aloha, dia manamafy hatrany ny tahirim-bola vahinin'ny firenena ary mandrisika ihany koa ho amin'ny fanampiana ara-bola avy amin'ireo mpamatsy vola.